

# Mb Terezy avy any Lisieux, rahavavintsika voalohany sady fanilo ho an'ny Fikambanana.

Efa hatramin'ny fahatanorany, no nifamatotra tamin'i Mb. Terezy avy any Lisieux ny làlam-panahy nodiavin'i Don Boccio.

Niditra tao amin'ny fiainany i Teresin'i Lisieux, ilay karmelitana tanora, tamin'ny fotoana nahafantaran'i Amilcare fa tsy ny maha-misionera any an-tany lavitra no niantsoana azy, fa ny hiara-miasa amin'ny fandresen'ny Fo Masin'i Jesoa eo an-tanindrazany.
Ity fiovana fomba fijery sy faniriana ity dia fotoana fisedrana nefa nahazoany fahasoavana lehibe.

Tamin'ny 1911, i Amilcare no namaky voalohany ny boky mirakitra ny "Tantara momba ny Fanahy iray" nosoratan'ny Olontsambatra Terezin'i Jesoa Zazakely, io vakiteny io no nanondro mazava ny fomba hitarihana ny olona: "Tsaroako fa tamin'ny 1911, rehefa nankany amin'i Don Orione aho, dia nahita boky mirakitra ny fiainan'ity Olontsambatra ity ary voasintona hividy azy; novakiako ka tao no nahatsapako ilay antso hanaja an'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely, hanaraka azy, mba hitarika ny fanahy amin'ny lalan'ny fahatokisana, fahatsorana ary fitiavana."

Nentanin'izany fijery vaovao izany ilay pretra tanora, dia nanohy ny lalany. Voasariky ny fitiavana feno indrafon''i Jesoa, ka lasa apôstoliny feno herim-po. Nanosika azy ilay fanirina iray lehibe ka ny mamaly Fitiavana amin'ny fitiavana no nimasoany.

Tamin'ny 1918, raha mbola naka aina tao amin'ny hôpitaly i Don Boccio noho ny ratra nahazo azy tany amin'ny Monte Grappa, nandritra ny ady, dia namaky indray ilay boky "Tantara momba ny Fanahy iray" izy, ary tao amin'ny toko fahavalo no nahitany fehezanteny nanilo an'ilay eritreriny efa nazava tany am-boalohany ho an'ny "Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa.

"Tamin'ny 1918 - raha teo am-pamakiana ny toko fahavalo tao amin'ny "Tantara momba ny Fanahy iray" aho - dia nazava tamiko ny momba anareo, izany hoe ho

“sorona kelin'ny Fitiavana”; ho tonga ao an-tranon’izy Tompo ianareo, hitombo fahasoavana ary hiaina amim-pahatsorana sy am- pitiavana”. Tsapan'i Don Amilcare fa voaantso hamondrona fanahy madinika malala-tanana, izay hiara-miasa amin’ny fanitarana ny Fanjakan’ny fitiavana sy ny famindram-pony amin’ny alalan’ny fiainam-pahatsorana sy fitiavana izy. Ireo voantso amin'izany dia hanjary “sorona kelin'ny Fitiavana”.

Inona tamin'ireo tenin’i Mb Terezy anefa no nanaitra an’ity pretra tanora tia fatratra an’Andriamanitra ity, ka nahazoany aingam-panahy hanangana fikambanana vaovao ao amin’ny Fiangonana?

Tao amin’ny sombin-taratasy nosoratany dia nahitana hoe: Sorom-pitiavana, fahatanterahan’ny fanirian’i Olontsambatra Terezin’i Jesoa Zazakely:
**«Ry Andriamanitra mpampianatra ô, tsy ny fahamarinanao ihany ve moa no handray ny sorona dorana? Tsy hila izany koa ve ny fitiavanao be famindram-po? Izay tsy fantatra no sady lavina hatraiza hatraiza... Ireo fo izay tianao hotolorana fanomezana noho ny fahalalan-tananao dia miankina amin'ny zavaboary…, mangataka ny fahasambarana amin'ny fitiavana mandalo izy ireo toy izay hiantsampy eo an-tsandrinao sy hanaiky ny afon'ny fitiavanao tsy manam-petra. Andriamanitra ô, hijanona ao am-ponao ve izany fitiavana notsinontsinoavina izany? raha mahita olona manolotra ny tenany ho "sorom-pitiavana" ianao, dia handevona azy haingana ary ho faly ianao, tsy hanakana ny afon'ny halemem-panahy tsy manam-petra izay ao anatinao».**
"Ity fitiavana feno famindram-po ity no manavao sy manadio ahy amin'ny fotoana rehetra ary tsy mamela soritra fanamelohan-tena ato am-poko". (Mb. Terezin’i Jesoa zazakely, Fiainana toko faha-8). B 2).

Sorom-pitiavana satria mahafoy tena mivantana sy manokana. Tsy amin’ny fahamarinan’Andriamanitra ihany akory mba hampitoniana azy fa amin’ny famindram-po sy ny fitiavan’Andriamanitra mba handreseny.
Avy amin’izany fahatsapana mangidy izany dia nisy fanontaniana nipoitra avy tao am-pon’ilay masera tanora mihiboka, izay naneho ny antsom-pitiavan-tsakaiza mankamin’ny vadiny nanao hoe: “Andriamanitro ô,
dia ho voahidy ao am-ponao ve izany fitiavana voahosihosy izany?”

Te-hamaly an’io fanontaniana io i Don Boccio tamin’ny fanomezana aina ho an’ny Fikambanana vaovao, ny tanjona dia ny mba handraisany ny fitiavan’Andriamanitra sy hampandresy azy ao amin’ny fon’ny olona rehetra.

Ilay Olomasina Karmelitana frantsay, tao amin'ilay sombin-dahatsoratra hita tao amin'ny tantaram-piainana nosoratan'ny tenany, dia nanamarika fa tsy fantatra sy nolavina ny fitiavanan'Andriamanitra feno famindram-po; tsapany koa, fa na dia ireo fo izay tiany hanehoana ny tenany aza dia tsy afaka nandray azy; ary naleony nitia zavaboary mora levona toy izay ny fitiavana tsy manam-petra an'ilay Mpahary.

Rehefa namaky ity  sombin-dahantsoratra avy amin'i Mb Terezy ity i Don Boccio, dia nahazo aingam-panahy hanorina ny Fikambanana mitondra ny anarana hoe: "**Sorom-pitiavana ho Fandresen'ny Fitiavana be indrafo an'ny Fon'i Jesoa Eokaristia**". Folo taona taty aoriana dia nomen'ny Fiangonana anarana vaovao hoe: "**Zanakavavikelin'ny Fo Masin'i Jesoa**" izay isalorantsika mandraka ankehitriny.